REPUBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY ARCHIVES

Ambohitsirohitra, 1 zanvie 1976

- FIARAHABANA TRATRY NY TAONA 1976 -

Ry vahoaka malagasy,

Na dia nangidy mamy toa ny tantely amam-bahona ho antsika Malagasy aza ity taona mifarana ity. Na dia nitera-pahoriana sy fisaonana ary fifanjevoana teo amin'ny firenena aza ny zava-nitranga tany am-piandohana dia tsy fefiky ny loza isika na ravan'ny ankaso, fa vao mainka aza nampiraisin'ny hasin'ny tanindrazana iombonana sy ny fitsinjovana mandrakariva ny tombon-tsoam-pirenena.

Isaorana anie Zanahary fa izy no nitsinjo, izy no nitahy, izy no niambina antsika tsy ho solafaka.

Tsy fahagagana anefa, na fifanandrifian-javatra no nandrenesantsika ireny fitsapana mamaivay ireny.

Fa kosa, ny finoana tsy azo nohozongozonina mifantoka amin'ny fanavaozam-pirenena, ny fahavononana tanteraka hampanjaka ny rariny sy ny fampitovian-tsaranga na nanome hery tsy resy resena antsika, ka nampiravona toy ny tsy nisy ny madilana rehetra.

Navitran'ny revolisiona ny fihavanana sy ny firaisan-kina mahafianakaviam-be tsimialonjafy ny Malagasy tsy misy avakavaka, ka tafatambatra toy ny vato indray isika tahaka ny tamin'ireny fotoan-dehibe rehetra nifamotoanan'ny vahoaka sy ny tantara ireny.

Voaporofo tsy azo afenina izany tamin'iny safidy miezinezina nambarantsika malalaka tamin'ny 21 desambra lasa teo, izay vanin'andro volamena ho raketin'ny taranaka amam-para, satria niara-namadika ny takilan'ny lasa isika mba hirosoana eo amin'ny làlan'ny fivoarana sy ny fitoviana ary ny fahafahana, araka ny maha-vahoaka matotra sy liam-pahamarinana antsika.

Koa mankasitra antsika tsirairay avy ny tanindrazana. Mendrika ny Repoblika Entim-bahoaka tokoa isika, koa mahazo manankina aminy ny fanantenana sahaza ny hetahetam-pivoarana sy ny fikaroham-pahasambarana ho an'ny isan-tokan-trano manerana ny vazan-tany efatra.

Ary raha mandray ny andraikitra fara-tampony eto amin'ny firenena sy ny fanjàkana aho ankehitriny, araka ny tolo-pahefana avy aminareo vahoaka, dia tsy ho haiko atao ny tsy haneho amim-panetren-tena tanteraka ny fanomezako toky anareo, fa hijoro mandrakariva aho tsy haha-fola-tàna-manondro anareo. Tsy hanam-pitsaharana aho eo amin'ny fikarohana ny tombon-tsoam-pirenena. Tsy hitsaha-mandroso aho eo amin'ny famongorana ny zara vilana sy ny fiangarana isan-karazany.

Tambin'ny fitokisanareo izany. Setrin'ny safidin'ny firenena.

.../...

Koa sady manolotra anareo tsirairay avy ny fisaorana feno fanajana sy ny fankatelemana tsy misy fetra aho, no manainga sy miangavy anareo mba hiara-dia mandrakariva isika, hifanohana lalandava, hifanampy tsy misy hatak'andro, ka ianareo ho heriko, izaho ho tokinareo.

Koa firariam-pahombiazana hatrany ho an'ny revolisiona, mba hirotsahan'ny tombon-tsoa aterany amintsika rehetra ary, no teny fiarahabana tiako atolotra ny firenena manontolo, dia ianareo zoky ray aman-dreny, zandry sy zanaka, rahalahy sy anabavy manerana an'i Madagasikara, raha miaramisantatra ity taona vaovao ity isika mianakavy.

Ho tahian-janahary isan-tokan-trano anie isika tsirairay avy. Ho ambinin-java-manasatra. Ho tojo ny soa sy ny tsara. Hifanantitra amin'ny ankohonantsika rehetra.

Ka ho arivo tratry ny asaramanitra hanotrona ny Repoblika Malagasy sambatra.